Ry zazalahy, manonona ny anaran'I Allah, avy eo mihinana amin’ny tananao ankavanana, sy izay manoloana anao

Tatitra azo avy tamin'i Omar bin Abi Salama (R.A), niteny izy manao hoe : Zazalahy taizan'Irak'i Allah aho, ary nitsabatsabaka teo amin'ny vilia ny tànako, dia hoy ny irak'I Allah tamiko hoe : “Ry zazalahy, manonona ny anaran'I Allah, avy eo mihinana amin’ny tananao ankavanana, sy izay manoloana anao". Ary tahaka izany hatrany ny fihinanako taorian'izany.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Mitantara i Omar bin Abi Salamah (R.A) zanaky ny vadin'ny Mpaminany (SAW) Om Salamah (R.A) - izay teo ambany fitaizana sy fanarahamasony- fa teo am-pisakafoana izy, dia nanetsika ny tànany teo amin’ny sisin’ny vilia izy mba haka ny sakafo, ka nampianatra azy ireo fitsipika telo momba ny fihinanana ny Mpaminany (SAW) : Ny voalohany amin'izany dia ny : fitenenana : “Bismillàhi" -amin’anaran’Allah- eo am-piandohan’ny sakafo. Ny faharoa : Mihinana amin’ny tànana havanana. Ny fahatelo : Mihinana eo amin'ny faritra akaiky amin'ilay sakafo.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/58120